4. Ho tohin'ny fangatahana avy amintsika, mitady fanamafisana na « confirmation » ny vola nalefan'ny tsirairay dia hampiditra fitaovana vaovao ny komitin'ny Toby. Io fitaovana io dia handefa rosia « automatique » ho antsika izay naharaisana virement tonga ao amin'ny « compte bancaire » ny Toby. Hifampilazantsika ihany ity fitaovana vaovao ity raha vao vonona.

Fampahatsiahivana samihafa:

5. Mikasika ny « électricité »

Mitohy ny antso avo ho an'izay rehetra manan-talenta hikarakara ny « plans électriques courant fort sy courant faible ». Aza misalasala miantso ny tompon'andraikitra ao an-toerana : RANDRIAMBOLOLONA Jean 06 11 39 60 73

6. Mikasika ny lakozia

Mitohy ihany koa ny antso avo amin'ny fanangonana fanaka an-dakozia « professionnel » toy ny réfrigérateur, four à étage, marmite chauffante 80L... Aza misalasala ihany koa miantso ny tompon'andraikitra raha te hanao fanomezana hianao na mahita fanaka an-dakozia « professionnel » hovidian'ny Toby

Eto am-pamaranana, mitohy hatrany ny famoriam-bolantsika ho an'ny asa fanorenana, isam-batan'olona, isan-tokantrano, isam-piangonana, fitandremana, fileovana....

Aza hadino ny mitondra am-bavaka isan'andro isan'andro ny ASA rehetra hatao mikasika io fanorenana ny Toby io.

Manolotra fisaorana feno ho an'izay efa nandray anjara sy mbola mazoto hanohy izany.

Manao veloma finaritra anareo amin'ny anaran'ny Jesosy Kristy Tompo.

Amin'ny anaran'ny Biraon'ny Komitin'ny Toby

Ny Filoha

Dr Randriambololona Jean

Ny Mpitantsoratra

Ramanatsoa Germain

Ramanatsoa